

**Nataon'ny Filoha  
Dieter F. Uchtdorf**

Mpanolotsaina Faharoa ao  
amin'ny Fiadidiana Voalohany



# Mitady an'i Kristy mandritra ny Krismasy

**H**o an'ny rehetra izay maniry ny hahatakatra hoe iza moa isika amin'ny maha-mpikambana ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olo-masin'ny Andro Farany antsika, dia te hanolotra zavatra iray iaingana aho izay voafaritra amin'ireto teny efatra ireto: Mitady an'i Kristy isika.

Mikatsaka ny hahafantatra Azy isika. Mikatsaka ny hanaraka Azy isika. Mikatsaka ny hitovy bebe kokoa Aminy isika.

Mandritra ny taona dia mitady Azy isan'andro isika. Kanefa ao anatin'ity vanim-potoana iray ao anatin'ny taona ity indrindra, dia ny Krismasy izany, izay ankalazantsika ny nahaterahan'ny Mpamonjy malalantsika, dia vao mainkamirona bebe kokoa mankany Aminy ny fontsika.

Ao anatin'ny fiomanantsika hankalaza ny Krismasy dia tokony hodinihantsika ny fahavononan'ireo izay niaina roa arivo taona lasa izay mba hitsenana ny Mpamonjy amin'ny fahatongavany.

## Ireo mpiandry ondry

Tsy mahalala zavatra betsaka mikasika ireo mpiandry ondry isika afa-tsy ny hoe, “nitoetra tany an-tsaha nitandrina ny ondriny tamin'ny alina”<sup>1</sup> izy ireo. Ireo mpiandry ondry ireo angamba dia toy ny olona tsotra ihany, toy ireo olona tsara maro izay manao ny asa fivelomany andavanandro.

Karazan'ireo olona izay, nisy fotoana, mety tsy nazoto nitady an'i Kristy izy ireo, saingy niova ny fon'izy ireo rehefa nisokatra ny lanitra ary nambara tamin'izy ireo ny momba an'i Kristy.

Izy ireo no ireo izay rehefa avy naheno ny feon'ireo iraka avy any an-danitra, dia nandeha faingana tany Betlehema mba hijery izany.<sup>2</sup>

## Ireo Magy

Ireo magy dia olona manam-pahaizana izay nandalina ny fahatongavan'ny Mesia, ilay Zanak' Andriamanitra. Tao anatin'ny fianarana nataon'izy ireo no nahitan'izy ireo ireo famantarana izay nanondro ny fahaterahany. Rehefa hitan'izy ireo izany dia nandao ny fonenany izy ireo ary nandeha nankany Jerosalema ka nanontany hoe: “Aiza Ilay teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy?”<sup>3</sup>

Tsy nijanona ho toy ny fahalalana an-tsaina fotsiny ny fahafantaran'izy ireo an'i Kristy. Raha vao nahita ireo famantarana ny fahaterahany izy ireo dia nandray andraikitra. Nanomboka nandeha nitady an'i Kristy izy ireo.

Ireo Magy dia karazan'ireo olona izay mitady an'i Kristy amin'ny alalan'ny fianarana sy fandalinana ambony. Ny fifantohan'izy ireo tamin'ny fahamarinana dia nitondra azy ireo tany amin'ny fahitana an'i Kristy tamin'ny farany sy tany amin'ny fitsaohana Azy amin'ny maha-Mpanjakan'ny mpanjaka sy Mpamonjy ny olombelona Azy.<sup>4</sup>

## I Simeona sy i Ana

I Simeona sy i Ana dia karazan'ireo olona izay mitady an'i Kristy amin'ny alalan'ny Fanahy. Ireo olona mahafinaritra ireo dia mpivavaka feno fanoloran-tena, ka nian-dry tamim-pientanentanana ny andro hiavian'ilay Zanak'

Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fifadian-kanina sy vavaka ary tamin'ny alalan'ny fananana fiainana feno fanoloran-tena sy fankatoavana.

Niandrandra tamim-paharetana ny fiavian'ny Mpamonjy tamin'ny alalan'ny fahatokiana sy fanetrentena ary finoana izy ireo.

Nony farany dia nisy valiny ny fahatokian'izy ireo rehefa nampahafantarina Maria sy i Josefa azy ireo ilay zazake-ly izay hitondra eo Aminy ny fahotan'olombelona.<sup>5</sup>

### Ireo mpino teo anivon'ny Nefita sy ny Lamanita

Hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny tantara mampihetsi-po mikasika ny fomba niandrandra'ireo mpino ireo famantarana ny fahaterahan'ny Mpamonjy.

Tadidinareo angamba fa ireo izay nanana finoana an'i Kristy dia nesoosoa sy nenjehina. Ireo manam-pahalalana tamin'izany andro izany dia niampangana ireo mpino ho mifikitra amin'ny finoanoam-poana. Raha ny marina dia tena nivatratra ny fanesoosoa'ireo tsy mpino ka name-lona "hotakotaka" teo amin'ny tany izy ireo (3 Nefia 1:7). Nesoin'izy ireo ireo izay nino fa ho teraka ny Mpamonjy.

Nitombo tsy nisy toy izany ny hatezeran'izy ireo sy ny haromotan'izy ireo ka lasa nibahana tao an-tsain'izy ireo ny famonoana ireo izay nino ny Mpamonjy. Mirakitra ilay fanapahan-kevitra mampivarahontsana ny Bokin'i Môrmôna.<sup>6</sup>

Ireo mpino niaina tamin'izany fotoana izany dia karazan'ireo olona izay mitady an'i Kristy na dia mihomehy sy maneso ary manevateva aza ny hafa. Mitady an'i Kristy izy ireo na dia miezaka ny manome endrika ratsy azy ireo ho toy ny olona tanavo, na bado, na mora ambakaina aza ny hafa.

Saingy tsy mahasakana ireo mpino marina mba hitady an'i Kristy ny fankahalan'ny hafa.

### Mitady an'i Kristy isika

Mandritra ny taona ary indrindra angamba mandritra ity vanim-potoan'ny Krismasy ity, dia hitondra soa ho antsika ny fametrahana indray ilay fanontaniana hoe: "Ahoana no fomba fitadiavako an'i Kristy?"

Nandritra ny fotoana sarotra iray teo amin'ny fiainany, dia nanoratra i Davida Mpanjaka lehibe hoe: "Andriamanitro ô, Andriamanitro Hianao; Mitady anao fatratra aho; Mangetaheta Anao ny fanahiko, maniry Anao ny nofoko."<sup>7</sup>

Angamba io toetra mitady an' Andriamanitra io no iray amin'ireo antony namaritana an'i Davida ho toy ny

lehilahy araka ny fon' Andriamanitra.<sup>8</sup>

Mandritra izao vanim-potoan'ny Krismasy izao ary mandritra ny taona iray manontolo, dia enga anie isika hitady amin'ny fontsika sy fanahintsika ilay Mpamonjy malalantsika, ilay Mpanjakan'ny Fiadanana ary ilay Iray Masin'ny Isiraely. Satria izany faniriana izany amin'ny ampahany lehibe dia tsy mamaritra fotsiny hoe iza isika amin'ny maha-mpikambana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika, fa mamaritra antsika bebe kokoa aza hoe iza isika amin'ny maha-mpanara-dia an'i Kristy antsika.

### FANAMARIHANA

1. Lioka 2:8.
2. Jereo ny Lioka 2:15.
3. Jereo ny Matio 2:1-2.
4. Jereo ny Matio 2:11.
5. Jereo ny Lioka 2:22-38.
6. Jereo ny 3 Nefia 1.
7. Salamo 63:1.
8. Jereo ny Asan'ny Apostoly 13:22.

### FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY

Ahoana no ahafahantsika mitady an'i Kristy amin'ny fomba tsara kokoa araka ny sosokevitra nomen'ny Filoha Uchtdorf? Azonao atao ny mamporisika ireo izay ampianarinao mba hanontany tena hoe: "Ahoana no fomba fitadiavako an'i Kristy?" Asao izy ireo mba hanomboka hizara ny fomba fitadiavan'ny tsirairay avy amin'izy ireo an'i Kristy mandritra ny fotoam-pandalinan'ny fianakaviany ny soratra masina isan'andro. Azonareo atao koa ny mijery ny horonan-tsary momba ny Krismasy ao amin'ny Mormon.org miaraka amin'ireo izay ampianarinao ary manasa azy ireo mba handray anjara amin'ity tombontsoa isan-taona ahafahana mitady an'i Kristy ity amin'ny alalan'ny fanarahana ny fampianarany.

## ANKIZY

### Miandrandra an'i Jesoa

**O**lona maro no niandrandra sy niandry ny fahaterahan'i Jesoa. Ankehitriny dia miandrandra sy miandry ny hiaviany indray isika! Afaka ny ho vonona isika amin'ny alalan'ny fianarana mikasika an'i Jesoa sy ny fanarahana Azy. Ahoana no fomba hanarahanao an'i Jesoa? Manaova sarina kintana dia soraty ao anatin'izany ireo hevitrao.



Finoana, Fianakaviana,  
Fanampiana

# Te hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay

*Halalino amim-bavaka ity hafatra ity ary mikatsaha fitaomam-panahy mba hahafantatra izay tokony hozaraina. Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fahatakarana ny tanjon'ny Fikambanana Ifanampiana hanomana ireo zanakavavin' Andriamanitra amin'ireo fitahiana azo amin'ny fiainana mandrakizay?*

“Voahodidin'ireo olona mila ny fitiavantsika, ny fankaherezantsika, ny fanampiantsika, ny fano-hanantsika sy ny fampiononantsika, ary ny hatsaram-panahintsika isika,” hoy ny Filoha Thomas S. Monson. “Isika no tanan'ny Tompo ety antany, ary nodidina mba hanompo sy hampitraka ireo zanany. Miantehitra amintsika tsirairay Izy.”<sup>1</sup>

Ny Filoha Henry B. Eyring, Mpanolontsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia niteny hoe: “Nisy fiovana mahery vaika nanomboka nitranga tao am-ponao rehefa tonga tao amin'ny Fiangonana ianao. Nanao fanekempihavanana ianao, ary nandray fampanantenana izay nanomboka nanova ny tena toetranao marina. . . .

“ . . . Nampanantena ianareo fa hanampy ny Tompo hanamaivana ny enta-mavesatry ny [hafa] ka hahatanjahany. Nomena anareo ny hery hanampiana, mba hanamainana ireo enta-mavesatra ireo fony ianareo nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina.”<sup>2</sup>

“Te hampiasa ny fahazavan'ny filazantsara isika mba hijerena ny

hafa tahaka ny hijeren'ny Mpamonjy azy ireo, omban'ny fangorahana sy fanantenana ary fiantrana,” hoy i Jean B. Bingham, Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany. “Ho avy ny andro izay hahazoantsika fahatakarana feno ny ao am-pon'ny hafa ary ho feno fan-kasitrahana isika noho ny fanolorana famindram-po antsika, toy ny hanehoantsika fieritreretana sy teny feno fitiavana an'ireo olona hafa. . . .

“Ny adidintsika sy ny tombontsoa ho antsika dia ny manaiky ny fivoarana eo amin'ny *olona rehetra* rehefa miezaka ny hitovy bebe kokoa amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika isika.”<sup>3</sup>

Rehefa mifampitondra ny enta-mavesatra isika sy mitandrina ny fanekempihavanantsika, dia manokatra ny lalana ho an'i Jesoa Kristy mba hanasitrana ny hafa. Nampianatra ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: “Raha eritreretina ny saran'ny Fanomboana sy ny Sorompanavotana izay tsy takatry ny saina dia mampanantena anareo aho fa tsy handà antsika Izy

amin'izao fotoana izao. Rehefa milaza amin'ny malahelo am-panahy izy hoe-Mankanesa aty Amiko-Ny tiany holazaina dia fantany ny lalana tokony hivoahantsika ary fantany ny lalana hampivoatra antsika. Fantany izany satria efa nodiaviny. Fantany ny lalana satria Izy *no lalana.*”<sup>4</sup>

## Soratra masina fanampiny

Matio 25:40; Galatiana 6:2;

Môsià 2:17; 18:8–9

### FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, “Serve the Lord with Love,” *Liahona*, Feb. 2014, 4.
2. Henry B. Eyring, “Ilay Mpampionona,” *Liahona*, Mey 2015, 18.
3. Jean B. Bingham, “Hoentiko ao antokantranoko ny fahazavan'ny filazantsara,” *Liahona*, Nôv. 2016, 7.
4. Jeffrey R. Holland, “Broken Things to Mend,” *Liahona*, May 2006, 71.

### Eritrereto Ity

Nahoana no manokatra ny lalana ho an'i Jesoa Kristy mba hanasitrana ny hafa ny fitondrana fanampiana eo amin'ny fitondrana ny enta-mavesatry ny hafa sy ny fitandremana ny fanekempihavanantsika?